

Savoir sans Frontières



# ILAY MILINTENY


Jean-Pierre Petit




Nandika teny : Tantely RANDRIAMITANTSOA
Lohateny niaingana : Le Logotron
http://www.savoir-sans-frontieres.com
Fisaorana ho an'i Ndrenjanirina dit "Ludo"

**Jean-Pierre Petit**

# ILAY MILINTENY


NY VAOVAO ANDROANY ETO AMIN'NY ONJAN-TSARY 206
GAIGY BE FA RAHA MBA TE-HAHALALA NY ZAVA-MISY IZANY ISIKA DIA TSY MAINTSY MIHARITRA ADINY EFATRA MIJERY VAOVAO AN-TSARY
HITANAO VE IRETSY SASANY IRETSY, INONA IRENY AKANJO ANAOVANY IRENY ?
METY HO NY ANTOKON'I MHADAFI MANOHITRA NY KRAFKIEN VAOVAO ANGAMBA IRENY
IZANY VE ?
A-A-A, POLOKS AVY ANY ATSIMO IREO. NY BASY FANAFIHANA KRACHKOF ENY AMINY NO NAHAFANTARAKO AZY.
FA NY KRAFKIEN VAOVAO KOA ANIE KA MANANA BASIM-PANAFIHANA KRACHKOF E, SA TSY IZANY ?
TENA LIANDRÀ MIHITSY RAOLOMBELONA !
LASA MANANA BASIM-PANAFIHANA KRACHKOF DAHOLO NY OLON-DREHETRA... TSY HAIKO INTSONY E ...


NY FILOHAN'NY ANTOKO REPOBLIKANA DEMOKRATY PROGRESISTA MAHALEOTENA NO MITENY AMINAREO IZAO
MIHAINO VE IANAO? IZAHO TSY MAHARE N'INON'INONA !
A-A-A, NOVONOIKO NY FEONY. AMIN'IZAY MBA MAHAFINARITRA KOKOA FA TOA KETRINA DAHOLO IZAY MISEHO EO
BLANKA, ILAY VOVO-TSAVONY TENA IZY
TAPAHO IO KAH !
DA'NEKENA, ILAY LABIERA TENA LABIERA
ILAY TOTON-KENA TENA IZY ...
RESAKA FAHAMARINANA ...
VAOVAO FARANY : IO MARAINA IO DIA NISY FAMELEZANA NY TRANOMBOKIM-PIRENENA. NISY OLON-TSY FANTATRA NIDITRA TAO AN'EFITRA FAMAKIAM-BOKY KA NAMPIASA HABIBIANA HANDANGILANGIANA AN'ILAY MPIANDRAIKITRA TAHIRIM-BOKY. DIA NODORANY IREO SANGAN'ASA ARY NITSOAKA IZY IREO AVY EO. MARIHINA FA MATY IHANY ILAY AFO.



TANY AMIN'NY TRANOMBOKIM-PIRENENA HOE E? HAFAHAFA IZANY ...
BISIKAOTA, ILAY BISIKAOTY TENA BISIKAOTY
INONA ILAY TELE MANDEFA BAOLINA IZAO ?
EFA IO JERENAO IO ILAY IZY FA ATODIHO ANY AMIN'NY MPANDEFA ONJA FOTSINY NY BAKANAO
MANGATAKA TOMPOKO Ô
AOKIZAO, SADY TSY MAHITA ANAO IZY NO TSY MAHENO. MANAO AN'IRENY SOLOMASO VATOMANIRY SY IRENY FIHAINOANA IRENY RY ZAREO ARY MAMPIASA FEO MIVAINGANA DAHOLO IREO ZAVATRA ROA IREO
ARY FA MANINONA ILAY IRAY ITSY NO MITONDRA TEHINA FOTSY? JAMBA ANGAHA IZY ?
A-A-A, TSY HENONAO ANGAHA IZY IZANY? METY MIJERY BAOLINA KITRA AMIN'NY SOLOMASONY FOTSINY IZY. IZAY NO ANTONY ILÀNY TEHINA FOTSY HODIANY ANY AN-TRANONY
MATY LEITY E!
EH, EFA NISY FEON-KIRIRIOKA ENINA TEO. TSY MAINTSY MANDAO NY TANANAN'IREO MAHAZO AINA ISIKA RAHA TSY TE-HORAOFIN'NY SASANY EO


BAORITRA ROA VE NO AMONOSANDRY ZAREO IAORTA? ARY INONA ITY ZAVATRA MAVOMAVO ITY?
... NISY FAMELEZANA MITOVITOVY NISEHO TAMIN'NY FIRENENA MARO
ANGAMBA METY HO TARATASY MANORO NY FOMBA FIHINANANA AZY IO, MIARAKA AMIN'NY KARATRA MANOME ANTOKA
OAY, MBA INONA ARY ITY?
NONY SARONA NY EKSTREMISTA DIA TSY NISALASALA NAMONO TENA
VOASORATRA AMIN'NY TENY ARABO, KARANA ARY ALEMANA ILAY IZY...
AMPAHATSIAHIVINAY FA TATO ANATIN'NY ROA ANDRO IZAY DIA EFA INDRAIKA AMBIN'NY FOLO NO NISY FANAFIHANA TRANOM-BOKY
INONA?!..
FA INONA MIHITSY ARY NO TSY ARITRANY AMIN'NY TRANOM-BOKY?


FA IZA KOA IREO? IREO VE NO MPIANDANY NY FIZAKANTENA AVY ANY AMIN'NY MONT SAINT MICHEL?
NY SASANY AMIN'IREO SORATSORATRA NATAO TAMIN'NY RINDRINA DIA **TSY NISY DIKANY** ARY NY SASANY DIA **TSY NISY FOTONY**
ISAN'IREO MPAMPIHOROHORO NIARA-NIREFOTRA TAMIN'ILAY TRANOM-BOKIN'I BOSTON NY PROFESORA TOMSKY , ILAY MPAHAITSIKERAFITENY FANTA-DAZA
TSY MISY DIKANY IZAY **LAZAINY**
**VOALAZANAO**
ARY OHATRA NY MANOMBOKA AZOKO IZY IZANY. TATO HO ATO DIA NANDEHA NY RESAKA FANJAKAN'NY BAROAN'NY HAITSIKERAFITENY. NOHEVERIKO FA SANGISANGY ILAY IZY KANEFA TOA VONONA NY HANDRAY FEPETRA MIHITSY RY ZAREO IREO.
VAOVAO FARANY...
ANDRASO, HENOY ANIE E...
TAFATSOFOKA TAO AMIN'NY ANDIAM-BAROAN'NY HAITSIKERAFITENY TANY AMIN'NY SISIN-TANY SINO-MONGOLIANA ILAY MPIARA-MIASA AMINAY
FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MANANA SAMPANA MANERANA NY FIRENENA REHETRA IZAHAY ARY NY MPIKAMBANA ATO AMINAY DIA MISY MPAHAITSIKERAFITENY, MPAHAIRAFIKEVITRA, MPAHAIHEVITENY, ARY MPAHAIRAKIBOLANA
. HAFA INDRAY ITY, MATETIKA REHEFA MIFANENA AMIN'NY MPANAO GAZETY IREO MAHERY FIHETSIKA DIA NY MASONY NO TAMPENANY
ETO INDRAY DIA NASIANY ANJAKA MIDITY NY VAVANY !


NANAPA-KEVITRA NY HAMELY TSY HITSITSY IREO MITENY ZAVATRA TSY MISY DIKANY IZAHAY, NA AIZA NA AIZA, NA AMIN'NY FOTOANA INONA NA AMIN'NY FOTOANA INONA
JEAN-CLAUDE BIDOUILLE INY NAMPITA VAOVAO TAMINTSIKA INY, ETO AMIN'NY tf 89
ANDIAMANITRO Ô, MBA RATSY FATOTRA KOA IZANY KENDA IZANY
TOY IZAO ARY IREO TSIKERA MOMBA INY ZAVA-NISEHO INY
MIALA TSINY VETIVETY
A... IE... A-A-A IZAY IHANY KAH
NDEHA HO ANY AMIN'NY IVOTOERANA FOIBE. ANY NO METY HAMPITOMBO NY FAHALALANTSIKA MOMBA IO TOE-DRAHARAHA IO
HITANAO VE INY RANGAHY INY!? ADALA INY ANGAMBA, SAIKA VOADONAKO IZY TEO


METY HOE SEKTA VAOVAO ANGAMBA IZANY KA NANAPA-KEVITRA NY HANAO SOLOMASO MAINTY SY TAMPIN-TSOFINA NY MPIKAMBANA AO.
ETO IZAO NO MISY ANAO
AZA RAHARAHIANA ITO TAKELAKA ITO
IVONTOERANA MISAHANA NY MILIN-TSIKERAFITENY
ANDRIAMATOA ... A... MPIKAMBANA AO AMIN'NY FITANTANAM-PANJAKANA.
MAN-GINA !
TOMPOKOLAHY SY TOMPOKOVAVY, HENONAREO OMALY TAMIN'NY FAHITALAVITRA IREO FANDRAHONANA NATAON'NY ANTOKON'NY MPAHAITSIKERAFITENY NISINTAKA. MISY ANTONY MATOA IZAHAY NANONGILANTSOFINA NIHAINO IO FANDRAHONANA IO ARY DIA NANDRAY FEPETRA AVY HATRANY IZAHAY HIAROVANA IREO REHETRA MANANA ASA MISY IDIRANY AMIN'NY HAINO AMAN-JERY.
NY OLONA REHETRA HITENY IMASOMBAHOAKA DIA TSY MAINTSY MAMPIASA ITY FITAOVANA MANOKANA ITY
KA DIA VOASAHANA AMIN' IZANY DAHOLO NA IREO AVY ANY ANDREFANA NA AVY ANY ANTSINANANA
FA!? SARON-TAVA FITONDRA MANAO ARENDRINA ANIE INY E !
FA NY VOALOHANY HANAO AZY DIA IREO MPANOLOTRA FANDAHARANA AMIN'NY ONJAM-PEO SY NY FAHITALAVITRA ARY IREO MPANAO POLITIKA
A... 'SAOTRA...




# NY HEVIMANOHITR'I RUSSEL








PAAA !
PROFESORA... TOA SAIKA HITENY ZAVATRA IANAO TEO ?
!?
A... A-A-A... MBA TIAKO HO FANTATRA FOTSINY HOE AIZA NO AHAFAHANA MIVIDY ... IO FITAOVANA IO?
MISY MPIVAROTRA KILALAON-JAZA EO AKAIKIN'NY IVONTOERANA EO. ANGAMBA MIVAROTRA SARON-TAVA RY ZAREO...
HAINGANA ! METY HO LANY ILAY IZY FA 'NDAO HIVIDY HAINGANA...
TOY IZANY NY OLONA REHEFA TSY MATOKY NY FITENINY SY NY ZAVATRA TENENINY. ANDRIAMANITRA Ô, SARON-TAHOTRA ERY RY ZAREO !....
MAHAFANTATRA FITENY TSY AHAFAHANA MITENITENY FOANA ANGAHA IANAO ?


NY **RIJANKEVITRY NY VONDRONA** NO IANKINAN'NY FITENY REHETRA. RESAKA **FANDAMINANA** DAHOLO IREO ZAVATRA REHETRA IREO. MISY NY VONDRON'NY ZAVATRA MARINA ARY MISY NY VONDRON'NY ZAVATRA DISO. EO NY **MISY** ARY EO NY **TSY MISY**. AO KOA NY **VONDRONA FOANA NA GOBOKA** Φ IZAY AMETRAHANA NY **TSINONTSINONA**.
MARINA
DISO
NOHO NY HETRAKETRAKY NY FOTOANA DIA TSY MAINTSY HOE NISY MPITAKARINA NITOMBO ISA TAO AMIN'NY FITENY. MIHEVITRA AHO FA RAHA ARIANA FOTSINY IRENY FAKOFAKO IRENY DIA HO TSINJONTSIKA INDRAY ILAY **FOTOTRY** NY FITENY, IZAY MBOLA TSY SIMBA SADY TEO AMBANY MASONTSIKA TEO FOANA
NY FANONTANIANA MIPETRAKA DIA HOE AHOANA NO AHAFAHANA MITSINJARA NY ZAVATRA REHETRA AO ANATINA **VONDRONA**, KA IZANY FITSINJARÀNA IZANY DIA MISAMPANA ROA : "**ISAN'NY...**" NA "**TSY ISAN'NY...**", NY AMBINY REHETRA DIA RESAKA **HAISORATRA** FOTSINY
ARAKA NY NOLAZAINAO DIA NY FITSINJARÀNA MIRINDRA NY ZAVATRA REHETRA IZANY NO HAHITÀNA NY FOTOTRY NY **FITENY**
AZO AMPIASAINA VE NY ... BOKY MBA HANASOKAJIANA NY ZAVATRA REHETRA MISY NA METY HISY ERAN'IZAO TONTOLO IZAO ?
RAHA TIANAO. AZO ATAO KOA AZA NY MANASOKAJY IREO BOKY IREO SY NY MANONONA AZY ANY AMIN'NY FIZAHAN-TAKILA KA AFAKA MANONON-TENA NY BOKY IRAY, IZANY HOE VOATONONA AO AMIN'NY FIZAHAN-TAKILANY IHANY.


FA TSY VOATERY HANONON-TENA AKORY NY BOKY IRAY
MAZAVA HO AZY. KOA SATRIA MAMALY NY FANONTANIANA **REHETRA** NY **RIJANKEVITRY NY VONDRONA**, DIA HAMORONA FIZARÀNA IRAY VAOVAO ISIKA : ETSY ANDANINY **IREO BOKY MITONON-TENA** ARY ETSY ANKILANY **IREO BOKY TSY MITONON-TENA**
IZANY DIA AHAFAHANA MANASOKAJY IREO BOKY MISY REHETRA. MAHATALANJONA.
BOKY MANONON-TENA
BOKY TSY MANONON-TENA
ARY ANGAMBA DIA HO AZO SOKAJIANA IREO BOKY IREO E ?
AZO SOKAJIANA DAHOLO NY **ZAVA-DREHETRA**
MIALA TSINY FA MISY FANONTANIANA FARANY SOMARY ADALADALA KELY IHANY ITY : AIZA AO AMIN'IREO VONDRONA ROA IREO NO AMETRAHANAREO **NY BOKY MANONONA IREO BOKY TSY MANONON-TENA REHETRA ARY DIA IZAY IHANY ?**


ANDRASO HOE E, TOKONY HANONON-TENA VE IZANY BOKY IZANY ? RAHA MANONON-TENA IZY DIA TSY NIONONA AMIN'NY BOKY TSY MANONON-TENA IZANY IZY SATRIA MANONONA BOKY MANONON-TENA IZY, IZANY HOE ... IZY TENANY IHANY...
NOHO IZANY DIA TSY TOKONY HANONON-TENA IZY. KANEFA KOSA NOHO IZY TOKONY HANONONA IREO BOKY REHETRA TSY MANONON-TENA, DIA HANADINO HANONONA ANANKIRAY AMIN'IREO IZANY IZY : IZY TENANY IHANY...
AHHRGL !
INONA... INONA... FA INONA KOA NO NOLAZAIKO TEO IZAO ?
SSSPAF !
TENA DRODROKA TAMPOKA TEO ILAY MOTERA HELY
TSY IZAHO NO NAHATONGA AN'IZAO AN...


TSY AZO ATAO FOTOTRY NY FITENENANA IZANY NY RIJANKEVITRY NY VONDRONA
MIVOAKA ATO AMIN'NY ILANY ILAY IZY !
MISY SETROKA MIVOAKA AVY AMIN'NY SOFINY
VONO AFO
IE, HITAKO IO. TAZONY KELY VETIVETY HOE IZY
ARA-DALANA TSARA IZANY. IZAY NO MILAZA FA MANDAITRA ILAY HEVITRO
EFA MIHATSARA ?
IE... MISAOTRA...
RAHA NY HEVITRO DIA HOE NDEHA HANONTANY MATEMATISIANA FA EFA TSY IZY INTSONY RAHA RY ZAREO NO TSY MAHAFAKA ANTSIKA AMIN'IZAO OLANA IZAO...
TOA NITERAKA RARIN-TSAINA MAFONJA TAO AMIN'ILAY RANGAHY MAMPALAHELO INY NY FANONTANIAKO TEO. TSORIKO ALOHA FA TSY DIA AZOKO LOATRA HOE MANINONA E...
TSOTRA : IZY DIA NIAINGA AVY AMIN'NY FIHEVERANA HOE AZO SOKAJIANA SY APETRAKA AO AMIN'NY VONDRONA VOAFARITRY NY TOETRA SAMIHAFA AVY NY ZAVATRA REHETRA.


INDRO MISY FOMBA IRAY HAFA AHAFAHANA MANEHO IO HEVIMANO-HITRA IO. ERITRERETO HOE MISY TANÀNA KELY IRAY KA SOKAJIANA ROA NY LEHILAHY AO. NY IRAY DIA NY VONDRONA MISY IREO LEHILAHY MANETY TENA ARY NY IRAY HAFA KOSA DIA NY MISY AN'IREO TSY MANETY TENA FA MIJERY MPANETY. ERITRERETO HOE MISY MPANETY IRAYIZAY MANETY IREO LEHILAHY TSY MAHAHETY TENA ARY MIONONA AMIN'IZAY IHANY
FANONTANIANA : VONDRONA INONA NO MISY AN'IO MPANETY IO ?
?
JEREO ANIE FA RAHA MANETY NY TENANY IZY DIA LASA MANETY OLONA MAHAHETY TENA E, ARY IZANY DIA MIFANOHITRA AMIN'NY ANDRAIKINY
FA RAHA TSY MANETY TENA IZY DIA HADINONY IZANY NY NANETY OLONA IRAY TSY MANETY TENA : TSY IZA FA IZY TENANY IHANY. ERITRERI-MIFANOHITRA...
ARY NY FITENY DIA FENO ZAVATRA TOY IZANY. NY FEHEZANTENY HOE "MANDAINGA AHO" DIA SADY TSY MARINA NO ... TSY DISO !
FEHEZANTENY SAROTRA EKENA IO

# VONDRONA TSY KANTORIANA (*)




(*) AVY AMIN'NY ANARAN'ILAY MATEMATISIANA ALEMÀ GEORG CANTOR (1845-1918), NAMORONA NY RIJANKEVITRY NY VONDRONA
(**) MATEMATISIANA FRANTSAY (1811-1832). MATY NANDRITRA NY ADIN'OLON-DROA


ALEFASO, AREHETO
ITY VAO TENA ZAVATRA ! MANDEHA ILAY IZY !
FA INONA ITY NAMBOARINAREO E ?
FA TSY HITANAREO VE IO E ? NOHO IO RAFITRA IO DIA AZOKO ATAO NY MAMPIFANDRAY NY LAVAKA TSIRAIRAIN'NY LEMAKA AMIN'NY LAVAKA AO AMIN'ILAY FANATANTAVANANA
FA, NY LEMAKA ANIE KA MANANA TEBOKA TSY HITA ISA E ?
DIA MAKA FANATANTAVANANA MISY LAVAKA TSY TAMBO ISAINA FOTSINY IZANY
TOY IZANY KOA, AZO ATAO NY MAMPIFANDRAY TSIROAROA NY TEBOKA TSY HITA ISAN'NY HITSY AMIN'NY TEBOKA RAKETIN'NY KANTSAM-PARIBOLANA


AZONAREO SARY AN-TSAINA VE NY MAHATONGA IO FAHITAM-BAOVAO IO HO MAHATALANJONA ? MISY TEBOKA TSY TAMBO ISAINA EO AMIN'NY HITSY ARY MISY TEBOKA TSY TAMBO ISAINA KOA EO AMIN'NY ANTSASAM-PARIBOLANA. NY FANANDRAMANA NATAO ANEFA DIA MAMPISEHO FA **MITOVY** IREO ISA IREO. DIA TOY IZANY KOA NY ISANY EO AMIN'NY LEMAKA TSY MANAM-PETRA IRAY SY NY ANTSASAN-KIBORY NA KAPILA IRAY
ILAY FANATANTAVANANY DIA NAHAVITÀNY NANDRAKOTRA NY TSY HITA ISA.
FA NY TSY HITA ISA VE TSY HITA ISA E, SA AHOANA ?
AZO ATAO NY MAMPITAHA NY TSY HITA ISA ROA, MANAMARINA SAO DIA **MIFANDRAY ARA-KAJY** IZY IREO ARAKA NY VOALAZA TETSY ALOHA DIA HITA FA MITOVY ISA NY TEBOKY NY HITSY SY NY ANTSASAM-PARIBOLANA. TOY IZANY KOA HO AN'NY LEMAKA SY NY ANTSASAM-PARIBOLANA
NDEHA INDRAY ARY HOVAINTSIKA ENDRIKA HANARAKA KANTSAN-KITSY ILAY ANTSASAM-PARIBOLANA
ANDRASO... NY KANTSANA **DIA** AMPAHAN'HITSY. REHEFA AO AMIN'NY TSY HITA ISA IZANY NO ANAOVANA NY RAHARAHA DIA
**MITOVY NY ISA ZAKAN'NY AMPAHANY SY NY MANONTOLO !?!**



IZAO INDRAY DIA HOVAIKO ENDRIKA TSIKELIKELY ILAY FANATANTAVANANA, ILAY ANTSASAN-KIBORY, HAKA ENDRIKA **KAPILA LEMAKA**
DIA AVY EO HANORONGORONA HITSY EO AMIN'ITY KAPILA ITY AHO
MAZAVA HO AZY FA HANDANY FOTOANA TSY MANAM-PETRA NY FANAOVANA IZANY ZAVATRA IZANY FA IO DIA MIDIKA HOE MITOVY NY ISAN'NY TEBOKA AO AMIN'NY HITSY, NY KAPILA ARY NY LEMAKA
IZANY AN !?!
NA KOA AO AMIN'NY HADIRY TSY VOAFETRA IRAY. IZANY DIA MITARIKA ANTSIKA HANEHO FA MITOVY DAHOLO IREO TSY HITA ISA REHETRA
NY ZAVATRA REHETRA MANANA HABE **N**, TSY TAMOANA ARY VOAISA, DIA MANANA ISAN-TEBOKA, TSY HITA ISA, MITOVY. NOHO IZANY NY ERAM-POTOANA (x,y,z,t) IRAY EFA-TSAKA, NA MANANA NA TSY MANAM-PAHATAPERANA, DIA MANANA TEBOKA MITOVY ISA AMIN'NY AN'NY KANTSANA MANANA HALAVÀNA 1.


AIZA NO TENA TIANAREO HAHATONGAVANA E ?
RY TOVOLAHY, RAHA NARAHINAO TSARA NY FAHAMBONIAN'NY ORIM-PISAINAKO TEO DIA HO TSAPANAO FA MITOVY NY ISAN'NY TEBOKA AO AMIN'NY ERAM-POTOANA EFA-TSAKA (x,y,z,t) SY NY AO AMIN'NY KANTSANA MANANA HALAVANA MITOVY AMIN'NY VENTIN-DREFY
NOHO IZANY, IZAY REHETRA METY HO HOAVIN'IZAO TONTOLO IZAO, NA TAPITRA IZY NA TSY MANAM-PAHATAPERANA, AO AMIN'NY ERANA SY NY FOTOANA, NY RAFINY REHETRA, NY HARENANY REHETRA, DIA MAZAVA FA VOARAKITRA ATO AMIN'ITY ZAVATRA RATSIRATSY TAREHY ITY IZAY ... NANDRAKOFANTSIKA NY TSY HITA ISA...
IZA MOA NO NANAM-PO ?
VIZANA FOTSINY ISIKA MIRESAKA MOMBA IZAO REHETRA IZAO, KANEFA IZANY REHETRA IZANY DIA VOARAKITRA AO AMIN'NY SINGAM-BOLO IZAY TOKONY HOZARAINA EFATRA HATRANY HATRANY FOTSINY...
HAMARANANA NY ASA DIA MARIHANA AMIN'NY ALALAN'NY **FITO-HITOHIZANA VOAJANAHARIN'NY ISA TSIMIVAKY 1, 2, 3 ...** IREO TEBOKY NY KANTSANA IREO KA LASA FITENY IRAISAN'IZAO TONTOLO IZAO IZANY NY ISA TSIMIVAKY
A
EFA MANAKAIKY NY TANJONA TRATRARINA IZANY ISIKA IZAO ?



IRAY SY IRAY SY IRAY...
A...
MAHATSAPA FAHAMBONIANA VE IANAO RY LEON ?
MANOME ISA TSY HITA ISA MIANTOMBOKA AMIN'NY 0,sns... NY VONDRON-TEBOKA AO AMIN'NY KANTSANA (0,1) VOAFARITRY NY FANGITRA MARINDRANONY. FA RAHA ALAMINA IZY IREO DIA TSY MAHITA N'INON'INONA ISIKA. FANTATRA MANTSY FA ANY AMIN'IREO SANDA AMBANY DIA TOY IZAO NY FANOMBOHAN'IREO ISA IREO : 0,00000 000000000000000........... MAZAVA BE FA MISY ZAVATRA IHANY ANY AMIN'NY FARAN'IO FITOHITOHIZANA IO SAINGY IZANY DIA... AORIAN'NY AOTRA TSY HITA ISA ! NY HANY FOMBA HANDRAISANA ITO FAFANA ITO IZANY DIA NY FANAKORONTANANA NY LAMIN'IREO ISA. TSY MANINONA IZANY SATRIA NY **MANOME LAHARANA** HO AZY IREO IHANY NO TENA ILAINA.
**HOISAINTSIKA** SY HATAONTSIKA LISITRA IZY IREO, KA HOMENTSIKA LAHARANA AMIN'NY ALALAN'NY **FITOHITOHIZAN'IREO ISA VOAJANAHARY TSIMIVAKY** IZAY AHAFAHANTSIKA MANDRAY AN-TANANA NY ZAVA-DREHETRA ERAN'IZAO TONTOLO IZAO


FANTATRO TSARA MIHITSY FA NY ISA NO ENDRIKA FOTOTRY NY FITENY
STOP, MISY ZAVATRA TSY MITOMBINA AO
IZAHO MILAZA FA TSY VITA NY MANDAHATRA, NA AHOANA NA AHOANA, AN'IREO ISA TSY HITA ISA EO ANELANELAN'NY 0 SY 1 IREO
O RY TIREZIASY A, AZA MITENI-TENY FOANA EO. EFA VOALAHATRA ANIE IREO E
HAZAVAO HOE RY TIRE-ZIASY NY HEVITRAO
JEREO...
ERITRERETO HOE MAMORONA ISA AVY AMIN'IREO SAVAZORON'NY FAFANA IN-DROA TSY MANAM-PAHATAPERANA AHO
0, 5 1 1 0 2 4 5 9 7 8


AMIN'NY ALALAN'IO ISA IO DIA AFAKA MANAMBOATRA ANANKIRAY HAFA AHO KA TSY MISY MITOVY MIHITSY NY ISA AMORONANA AZY
TSY TAPITRA
0,5 1 1 0 2 4 5 9 7 8 0 0 7 5 1 8 1 4 4 5
0,7 6 9 8 4 2 1 3 2 9 3 3 1 1 5 6 7 6 6 3 1
TSY AO ANATIN'ILAY FAFANA IO ISA IO. MAZAVA HO AZY FA RAHA TAO IZY DIA HITOVY NY IRAY AMIN'IREO ISA ANORATANA AZY SY NY ISA IRAY AO AMIN'ILAY SAVAZORO. KANEFA TSY MISY IZANY RAHA NY FANAMBOARANA ILAY ISA NO JERENA
ENY ARY, NAHITA ISA TSY AO ANATIN'ILAY FAFANA IANAREO, MAHATALANJONA. DIA INONA FA TSY APETRAKA AO ANATY VONDRONA VAOVAO FOTSINY IZY, ATOKANA, SA AHOANA ?
INDRISY MANTSY FA TSY METY IZANY RY LEON. ILAY FOMBA FAMORONAN'I TIREZIASY DIA AHAFAHANA MANAMBOATRA ISA TSY HITA ISA IZAY TSY AO ANATIN'NY FAFANA
IZANY HOE BANGABANGA IO FAFANA IO...


FA... IRENY ISA HAFA IRENY, AIZA NO AZO AMETRAHANA AZY ?
PROBLEMANAO IZANY RANGAHY ITY A...
RAHA AZOKO TSARA DIA MANANA OLANA AMIN'NY FITENY MATEMATIKANY KOA IZANY NY MATEMATISIANA
FA... 'ZA ANIE...
TSY DIA TENA MAZAVA LOATRA IZANY RESAKAREO IZANY...
ENY ARY, 'NDEHA HODY...
IVONTOERAN' NY HAIISA
PA !
!!!

NANDRITR'IZANY FOTOANA IZANY DIA NANOHY NAMELY IREO TRANOM-BOKY ERAN-TANY NY ANDIAM-BAROAN'NY HAITSIKERAFITENY ARY NALAZA DIA NALAZA TOKOA IREO RAKIPAHALALANA FENO FANDRIKA NAELINY




NY TSY FITONONANA ANARANA SY NY TSY FISIAN'NY FIFANDRAISANA EO AMIN'IREO ANDIA BITIKY NY BAROAN'NY HAITSIKERAFITENY DIA MAHATONGA AZY IREO HO TSY AFA-PANTARINA MIHITSY NA DIA TEO AZA NY FANDRIKA NOVINAVINAIN'NY MPANOLOTSAIM-PIFANDRAISANA




TAORIAN'INY VAOVAO AN-TSARY (FOHY DIA FOHY) INY DIA HANARAKA NY LALAO "TSORA-BITSIKA" ISIKA
TSIA TOMPOKO, TSY MANDRAY AN-TANANA NY FAMPIELEZAN-GAZETY INTSONY IZAHAY. MAMPIDI-DOZA IO...
... BRAVO, RAMOSE A, SAINGY AVELAO ALOHA AHO HANAO FANAMARINANA. HOJERENTSIKA RAHA MISY AO AMIN'NY RAKIBOLANA RAHA AO IO TENY IO...
MIALA TSINY AHO FA TOA TSY AO IO TENY IO...
AO IO E ! HAMARINO...
TSIA, JEREONAO MIHITSY...
FA ! HAFA INDRAY ITY ! VAO OMALY IO TENY IO NO NAMPIASAIKO
MAZAVA NY LALÀNA : TSY AO ANATY RAKIBOLANA ILAY TENY
FA, ANDRASO... JEREO ! BABANGOANA NO EO AMIN'NY TOERAN'ILAY TENY TALOHA...
INONA !?!




NdT : **LOGOSE** HOY NY MPANORATRA

# TENY VAOVAO


TENA HENJANA DIA HENJANA NY VAOVAO HAMPITAIKO AMINAREO. HITA MOA FA EFA MANOMBOKA MATIAINA NY FITENINTSIKA, KA NISY MPIKAROKA VITSIVITSY NIHEVITRA FA TSARA RAHA HATSARAINA SY HAFAINGANINA NY FIKAROHANA NATAON'IZY IREO MOMBA NY FAMOLAVOLANA TSIKERAFITENY
CNRS
LANGZO
FAMOLAVOLANA TSIKERAFITENY ?
F'ANGAHA MOA TSY NORARÀN'NY AKADEMIA FRANTSAY IRENY FIKAROHANA IRENY ?


ENY E, FA NOHO NY MAHA-HENJANA NY TOE-DRAHARAHA DIA NANOME ALALANA IHANY NY KOMITY MIANDRAIKITRA NY HAIFITSIPIPITONDRANTENA AO AMIN'NY AKADEMIA
OMEKO AN'ILAY MANAM-PAHAIZANA MANOKANA MOMBA NY FAMOLAVOLANA TSIKERAFITENY SY NY **MILINTENY** ARY NY FITENENANA, TSY IZA IZANY FA NY PROFESORA...
AZA MITONONA ANARANA E ! VENDRANA...


NY FITENY VOALOHANY FANTANTSIKA DIA NY AN'NY SELA, IZAY MIFANDRAY AMIN'NY ALALAN'NY FAMANTARANA MAMPIASA VONDROM-PITINJAKA SIMIKA. MITERAKA FIHETSIKA TENA MARO KARAZANA IRENY HAFATRA IRENY. NY SELA SASANY OHATRA DIA TSY MAINTSY MANDEFA NA MITONDRA VONDROM-PITINJAKA TENIMIAFINA VAO MAHAZO ALALANA HIVEZIVEZY AO AMIN'NY ZAVA-MANANAINA IRAY
NY ZAVA-MANANAINA IRAY DIA TSY HO AFAKA MANARA-MASO NY FITOMBOANY, MAMPIFANARAKA IREO FIHETSINY, NY FITOHIZAM-PIAINY, NY FANANAHANY RAHA TSY TEO IREO TENY MAMPIASA VONDROM-PITINJAKA IREO.
NY **ADN** DIA AZO RAISINA HOE **TANISAVOLANA** MISY IREO **TENY FEHIBEN'NY AINA** SY MITONDRA PAIK'ADY MARO, IZANY HOE FEHEZANTENY EFA VOARAFITRA



NY ZAVA-MISY DIA HOE NAHAFORONA VONDROM-PAMANTARANA ARA-PEO SY ARA-TSARY AHAFAHANTSIKA MIFANDRAY ISIKA, FA NOHO ISIKA MPIARA-BELONA, DIA HO AZONTSIKA NATAO KOA NY NAMPIASA NY FIFANDRAISANA AMIN'NY FIHETSIKA TAHAKA NY GIDRO, NA NY FIFANDRAISANA SIMIKAN'NY VITSIKA
ARY IO FITENY IO DIA AHAFAHANA MIFANDRAY NA DIA MIFANELANELANA BE AZA, AMIN'NY ALALAN'NY FANDIKAN-TSORAMIAFINA ANJANANDRIANARATRA
NOHO IZY MANANA ENDRIKA FITAHIRIZANA MAROBE DIA AZO AMPITOMBOINA ISA IZY KA HO TSINJON'NY VONDRON'OLONA REHETRA
?
MICHAEL JACKSON
IREO AMPAHAM-PITENENANA IREO, VOARAKITRA AN-TSORATRA, DIA TSY MANORA-MIAFINA AFA-TSY AMPAHAN'NY FIHETSIK'OLOMBELONA IHANY, IZAY MAKA ENDRIKA FOMBA, FADY, LALÀNA, FINOANA, ARY AMPITAINA AMIN'NY TARANAKA FARAMANDIMBY
NITENTEN TIONIBVS TERRA
TINTIN TANY AMIN'NY SOVIETA
FIZIKA MOMBA NY VONGAM-BAIKA


NY TAFATAFA ATAONTSIKA AMIN'IZAO TONTOLO IZAO DIA MANDALO, ARY TSY MAINTSY MANDALO RAFI-PINOANA MIRINDRA, MAKA ENDRIKA FIVAVAHANA, MIAFINA AO AMIN'NY RIBA SY AMPITAINA AMIN'NY ALALAN'NY TORITENY, MAKA ENDRIKA FIREHANKEVITRA, VOATONONA MANARAKA LALÀNA MAROMARO, ARY AMPITAINA AMIN'NY ALALAN'NY FAMPIELEZAN-KEVITRA NA MAKA ENDRIKA FAHALALANA AMAM-PAHAIZANA, AFENINA AO ANATIN'NY MODELY MAROMARO ARY AMPITAINA AMIN'NY ALALAN'NY ASA FAMPIELEZANA SIANTIFIKA
MANA-KORONTANA IZANY !
TS'ISY FOTONY IZANY !
TENA EFA TAFAHOATRA IZANY ATAONY IZANY
EFA MANAKAIKY NY FANDRARÀNA NY FILOZOFIA SASANY ISIKA
TOMPOKOLAHY ISANY Ô, AZAFADY MITONIA IANAREO. AZA HADINO FA HENJANA NY FANDEHAN-DRAHARAHA
FA INONA MARINA IO MODELY RESAHINY IO E ?
IO DIA FIKAMBANAN'NY FANAZAVÀNA FANANDRAMANA SY FANDINIHANA MAROMARO, LALÀNA, FITSIPIKA, FAMPIMIRANA, IZAY MANOME RAFITRA, MATETIKA TSY AZO KITIHINA INTSONY, MANAZAVA IZAO TONTOLO IZAO


NY FITENY, SY NY RAFITRA MPANAZAVA NA MPANEHO ATERAK'IZANY NO MAMPIRAY NY FIARAHA-MONIN'OLOMBELONA. NY KORONTANA REHETRA MAHAKASIKA NY FIRAFI-PIFANDRAISANA DIA METY HITARIKA VOKATRA MIHOA-PAMPANA. AMIN'NY HAIAINA DIA METY HO LASA FAHASAMPONANA, FIVAONAM-PIASANA, NA HOMAMIADANA NY FAHASIMBÀN'NY AMPAHAN'**ADN**.
T4
ADIKAO NY POIZINA T4
?
NY **POIZIN-TSELA** DIA TSY MANAO AFA-TSY MAMOAKA BAIKO, KARAZANA FEHEZAN-TENY MIRAIKITRA AMIN'NY TAHIRIN'NY SELA IRAY
HEVITRA TOKANA MPANDRAVA DIA METY HANAKORONTANA MPIARA-MONINA IRAY MANONTOLO
FA IO FAHAFATI-TAMBANTSELAN'NY FITENINTSIKA IO DIA MANOSIKA ANTSIKA HAMORONA **TENY VAOVAO**
AHOANA NY FOMBA AMORONANA TENY VAOVAO ?
NY VAHAOLANA MAHAZATRA DIA NY FANDRAISANA SINGA, TOVONA NA TOVANA NINDRAMINA TAMIN'IREO TENIM-PIRENENA MARO
A
6

# NY MILINTENY

ATO AMIN'NY LABORATOARAN'NY MILINTENY ISIKA IZAO, SAMPANA IRAY AO AMIN'NY IVONTOERANA NASIONALIN'NY MILINTSIKERAFITENY






# NY HAIHEVITENY




NY IPM, IVONTOERAM-PIRENENA MISAHANA NY MILINTSIKERA-FITENY DIA NANAO FAMOAHANA TENY VAOVAO MAROBE VOAARA-MASO, IZAY HOLAZAINAY AMINAREO IZAO...
A... MIALA TSINY TOMPOKO, VAOVAO TSELATRA : NISY ANDIAM-BAROAN'NY HAITSIKERAFITENY AVY ANY ALEMAINA NANGALATRA NY MARI-DRAFITRY NY MILINTENY TAO AMIN'NY IPM. IO NO FOTOTRY NY FIDANGAM-PAMOAHAN-TENY VAOVAO NATAON'NY ALEMÀ NA DIA TEO AZA NY FAMPITANDREMANA NAVERIMBERIN'NY M.T.I, MPAMATSY TENY IRAISAM-PIRENENA...
IZANY INDRAY ALOHA DIA TOKONY HO EFA NOAHIAHIANA E !
NY VASAVASA, NA FIDANGAM-PITENENANA, DIA MAMELY IREO MPI-FANOLOBODIRINDRINA AMINTSIKA ANY AN-DAFIN'NY RHIN. LASA TSY MANAM-PAHATAPERANA NY RESADRESAKA ANDAVA-NANDRO AMIN'NY TENY ALEMÀ. VOATERY IZANY NY FAHITALAVITRA NY HAMPIATO NY VINAVINAN-TOETR'ANDRO SATRIA NIHOA-TRA NY EFATRA AMBY ROAMPOLO ORA NY FANOLORANA IO FANDAHARANA IO.
TENY FIRY NO METY HO VOAFORON'NY MILINTENY ?
NAMPITANDRINA NY MPONINA NY AMIN'IREO TENY MANANA LITERA MIHOATRA NY ENINA AMBIN'NY FOLO NY FITONDRAM-PANJAKANA ALEMÀ, KA NOSOKAJIANY HO AHIAHIANA IREO TENY IREO
TSY VOAFETRA NY ISAN'IZANY...



ETO IZAO ISIKA DIA MAHITA BAVAROÀ IRAY NAHAZO IREO BOKY IRAIKA AMBIN'NY FOLON'NY RAKIBOLANA
MANANA NY FIAINANY MANOKANA NY FITENY. RAHA NISY RAFITRA ROA FOTOTRA VAO NIFORONA DIA AFAKA MANDRAY FOTOTENY IRAY HAFA IZY IREO KA HITERAKA RAFITRA TELO FOTOTRA, sns...
IZANY NO HITA AMIN'IREO FITENY MAMPIFANAKAIKY
DIA NIASA ANDRO AMAN'ALINA ARY NY IPM MBA HANOLOTRA TENY VAOVAO VONONA HAMPIASAINA HO AN'NY FIRENENA, IZANY HOE TENY EFA MISY HEVINY. TSY MARIM-POTOTRA NY TSAHO MILAZA FA NISY **TENY TSY MISY HEVINY** NAELY
MBA MIEZAKA HANOME TOKY NY OLONA INDRAY RY ZAREO...
MATOKISA NY IPM, FA MISY FOANA NY TENY MAHALAZA
AHOANA NY FANDEHANY ?
RATSIRATSY IHANY. EFA NAHATRATRA TENY ENIMPOLO TAPITRISA IZAO RY ZAREO ANY ALEMAINA. MITENY ITALIANA NA FRANTSAY NY OLONA ANY MUNICH SY DRESDE. ATAHORANA HIRODANA NY TENY ALEMÀ, NA DIA EO AZA NY FANOHANANA MAFONJA ATAON'NY **MTI** (MPAMATSY TENY IRAISAMPIRENENA) IZAY NANDRAY FANAPAHAN-KEVITRA AMIMPAHASAHIANA TAMIN'NY FAMPIELEZANA NY HEVITRA TAPAKA AMIN'NY TENY ALEMÀ



TSY MATOKY NY OLONA. LAZAINY FA TSY HAHARAKA NY ISAN'NY TENY MIHITSY NY ISAN-JAVATRA MISY
FOTO-KEVITRA ROA NO NIPOITRA. ARAKA ILAY VOALOHANY DIA TSY TOKONY HO TAITRA ISIKA : MAMORON-JAVATRA NY FITENY ARY DIA HIFANARAKA IHANY IREO NA HO ELA NA HO HAINGANA
NY FOTO-KEVITRA FAHAROA KOSA DIA MILAZA FA TSY MISY NY ZAVATRA FA NY FITENY IHANY NO MISY...
NY FITENY JAPONEY KOSA DIA AHITANA ENDRIKA HAFAKELIN'NY AINTENY : TSY INONA IZANY FA FIHOARAN-KEVITRA LEHIBE. METY HIOVA HEVITRA MIHITSY AZA NY TENY AO ANATIN'NY RESAKA IRAY
Ny fiteny dia takelaka bobongolo
MANGINA IANAO
TSY NISY MIHITSY VE FITENY NA IRAY AZA KA TSY TRATRAN'IO AINTENY MANERAN-TANY IO ?
NOHO NY ANTONY TSY DIA MAZAVA LOATRA, DIA TOA TSY NIHETSIKA FIRY ALOHA HATRAMIN'IZAO NY TENY FINOA ATSIMO. RAHA AFAKA MANAO KABARY MOMBA NY KABARY ISIKA DIA IO FITENY IO SISA NO AZO IANTEHERANA. MITENY FINOA VE IANAREO ?
MAZAVA HO AZY

# FITENY SY ANKOAPITENY(*)


(*) NdT : Hanafohezantsika ny hoe "ankoatry ny fiteny misy" izay midika hoe "Métalangue"





RAISO ANIE NY KAJY E. IO DIA VOASORATRA AMIN'NY FITENY MANOKANA, NY **FITENY MATEMATIKA**, FA AZO LAZAINA AMIN'NY **FITENY VOAJANAHARY** KOA IZY
ITY FARANY MOA, ARAKA NY EFA FANTATRY NY BESINIMARO, DIA FENO KARAZAN-DISO, **HEVIMANOHITRA**, sns...
NY **LOJIKA** MOA MAZAVA HO AZY DIA MILAZA FA TOKONY HANANA **FITENY** MIRAKITRA NY **ANKOAPITENINY** ISIKA, NY FITSIPI-PITENENANY, ARY IO DIA TSY TOKONY HAHITÀNA AN'IREO HADISOANA TSY AZO EKENA IREO
RAHA TSORINA DIA HOE **FITENY ARA-PITSIPIKA**
FA INONA MARINA ALOHA IZANY FITENY E?!?
AZO LAZAINA HOE FITAMBARAM-**PEHEZANTENY** IZY
NY SASANY DIA **HEVITRAFOTOTRA**, NY SASANY DIA **FEHEZANTENY AZO POROFOINA** (HOE MARINA), NY SASANY INDRAY DIA **FEHEZANTENY AZO LAVINA** (AZO POROFOINA HOE DISO), ARY IZY REHETRA IREO DIA MANANA FIFANDRAISANA **LOJIKA**


MILA FITENY ARA-PITSIPIKA ANANKIRAY TOY IZANY FOTSINY IZANY ISIKA, ARY DIA IO NO HO FOTOTR'IREO FITENY HAFA ERAN'IZAO TONTOLO IZAO
IZANY MIHITSY ANIE NO NANDRAMANA NATAO TAMIN'ILAY FITENIN'NY **RIJANKEVITRY NY VONDRONA** E, DIA HITANAO TSARA NY VOKANY !
TOY IZANY KOA NY AN'IREO MPAHAY KAJY !...
JEREO FA NY RAFITRA ARA-PITSIPIKA DIA FIFANESENA ZAVATRA HITA AO AMIN'NY FITENY IHANY. NY SASANY DIA **HEVITRAFOTOTRA**, AZO OHARINA AMIN'NY **SORATRA FOTOTRY NY FANDAHARANA KAJIMIRINDRA** IRAY. AVY AMIN'NY **LOJIKA** MIFANDRAIKA AMIN'IO FITENY IO, IZAY SORATRA FOTOTRA KOA, DIA AZONTSIKA ATAO NY MANORINA RAFI-PISAINANA AZO OHARINA AMIN'NY **FANDAHARANA** MIAFARA AMIN'NY **FEHEZANTENY** VAOVAO MAROMARO.
HEVITRAFOTOTRA A
HEVITRAFOTOTRA B
FANDAHARANA RAFI-PISAINANA VANGOVANGO LOJIKA
FEHEZANTENY
MBA HO MAFY FOTOTRA TSARA NY FITENY IRAY DIA TOKONY HO AVY AMIN'NY VONDRONA IRAY IHANY IZANY REHETRA IZANY, NY **"FITENY-ZAVATRA"** DIA FEHEZANTENY IRAY NOSARIHANA AN-TSAPAKA AVY AO AMIN'IO VONDRONA IO, IZANY HOE HEVITRAFOTOTRA, NA RAFI-PISAINANA LOJIKA NA **FEHEZANTENY AZO POROFOINA** NA **AZO LAVINA**
FITENY ZAVATRA


FA INONA MOA NO SADY TSY HEVITRAFOTOTRA, NO TSY RAFI-PISAINANA, NO TSY FEHEZANTENY AZO POROFOINA NA AZO LAVINA ?
FANTATRAO TSARA FA TSY ISAN'IREO NY **FEHEZANTENY TSY AZO POROFOINA** TAHAKA NY HOE : NY MPANETY MANETY NY OLONA REHETRA TSY MANETY TENA, ARY NY TSY MANETY TENA IHANY, DIA ISAN'NY VONDRON'NY OLONA TSY MANETY TENA
MARINA IZANY, TSY MISY AFAKA MANORINA RAFI-PISAINANA AHAFAHANA MANAPOROFO FA **MARINA** IO NA **DISO** !?!
ENY ARY, MIERITRERITRA AHO HOE TSY TOKONY HO TAITAITRA ISIKA. HAMOAKA NY FITENY HIALA AN'IZAO LALA-TAPINA IZAO NO NAHATONGA ANTSIKA TETO. HITAKO ETO AMIN'NY TARATASIM-PANDAHARANA ETO FA MISY FIFANDRAISANA IALOHAVAN'NY LOHATENY MAMPAHERY. HO HITANTSIKA EO IZANY RAHAMPITSO.
AL

# NY FOTO-KEVITR'I GÖDEL

NAFANAFANA IHANY NY FIANTOMBOHAN'NY ADIHEVITRA TAO AMIN'NY FARITRA IRAY AO EOROPA, IZAY AFAKA VONJIMAIKA TAMIN'NY ONJAMPAMPIHOROHOROANA NATAON'NY BAROAN'NY HAITSIKERAFITENY.






(*) NA DIA TOA ADALADALA IHANY AZA ILAY IZY, DIA TSY VITA MIHITSY NY MANAPOROFO NA MANDÀ, ATO ANATIN'ITY TOE-JAVATRA MOMBA NY HEVITRAFOTOTRA ITY, HOE 0=1

Ny Tale


INDRISY RY TOVOLAHY, HITAKO FA RAHA EKENA IO HEVITRAFOTOTRA VAOVAO IO, IZAY MILAZA HOE "TSY MIRA IRAY NY AOTRA", DIA HITERAKA FEHEZANTENY VAOVAO TSY HAY ANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA IRAY HAFA IZY, DIA TOY IZANY HATRANY...
TENA MAHATAHOTRA IZY IZANY !
NOHO IZANY DIA TSY HO **RIJANKEVITRA FENO, MARIMPOTOTRA** MIHITSY NY RAFITRISA, RAHA TSY HOE AJANONA HO **TENA TSY AZO ANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIHITSY** ILAY TOLO-KEVITRA HOE 0=1
ENY ARY E, TENA MAMPALAHELO IZANY. FA TSY NY RAFITRISA IHANY ANIE NO VAAOLANA E?
MOA VE TSY NY FANAFOANANA NY AOTRA, FOSITRY NY OLANA, NO VAHAOLANA ?
Ô RABERNIE A, ADALA R'ZALAHY IREO !
FIZISIANA
INDRISY...
NY FEHEZANTENY AO AMIN'NY FITENY IRAY DIA AZO AMPIFANDRAISINA AMIN'NY ISA TSY VAKY, AMIN'NY FOMBA TOKANTSAHALA, ARY DIA HAMPITA IO ARETIN'NY TSY FAHAFAHANA MANDRAY FANAPAHAN-KEVITRA IO ANY AMINY KOA NY TONTOLON'NY ISA.
SAROTRA AMIKO NY HINO AN'IZANY RY PROFESORA GÖDEL A
IO HADISOANA FOTOTRA IO, TAHAKA ILAY FAHOTAN'I ADAMA SY EVA, DIA HISY HATRAMIN'NY VOALOHANY AO AMIN'NY FITENY REHETRA, AO AMIN'NY FITENY VOAJANAHARY, NY MATEMATIKA...


NDEHA OHATRA HORAISINTSIKA NY FITENY VOAJANAHARY VOAVOATRA AVY AMIN'NY FAMANTARANA TAHAKA NY LITERA AO AMIN'NY ABIDY ARY HORAISINTSIKA KOA NY FITOHITOHIZAN'NY **ISA TSY AZO TSINJARAINA**, ANKOATRY NY 1 : 2, 3, 5, 7, 11, 13, 17, 19, 23 sns.. HATAONTSIKA HO TOY NY HOE FEHEZANTENY IREO LITERA ARY HASIANTSIKA LAHARANY. NY a, LITERA VOALOHANY, DIA HAMPIFANDRAISINTSIKA AMIN'NY $2^1$, NY b, LITERA FAHAROA $2^2=4$, NY c $2^3=8$ sns...
$a \Leftrightarrow 2^1 = 2$
$b \Leftrightarrow 2^2 = 4$
$c \Leftrightarrow 2^3 = 8$
$d \Leftrightarrow 2^4 = 16$
$e \Leftrightarrow 2^5 = 32$
$f \Leftrightarrow 2^6 = 64$
$g \Leftrightarrow 2^7 = 128$
$h \Leftrightarrow 2^8 = 256$
etc...
A
NDEHA ARY HANDRAY NY FITOHITOHIZAN-DITERA OHATRA HOE bac. IZAO INDRAY DIA HANKININTSIKA AMIN'NY FITOHIZAN'NY ISA TSY AZO TSINJARAINA MANOMBOKA AMIN'NY 3 NY FANORA-MIAFINA, IZANY HOE 3, 5, 7,...sns. NY ISA MIFANARAKA AMIN'NY b MOA DIA 4, NY a DIA 2 ARY NY c DIA 8, KA MAHAZO TSIMIVAKY $n=3^4 5^2 7^8$ ISIKA, IZAY MIRA 11673722025, IZAY EFA TENA LEHIBE TOKOA. LAZAIKO ARY FA TENA MAHASORA-MIAFINA TSARA AN'ILAY FITOHIZAN-DITERA b-a-c IO TSIMIVAKY IO
AZOKO ! IO ISA IO DIA **AZO SINGATSINGANINA AMIN'NY FOMBA TOKANA** ARY MANOME VOKATRY NY FAMPITOMBOANA ISA MANANA HERIVILY TSY AZO TSINJARAINA. IZANY DIA MIDIKA HOE AVY AMIN'NY n=11673722025 DIA TAFAVERINA AMIN'ILAY VOKA-PAMPITOMBOANA $3^4 5^2 7^8$ ISIKA. AZO SINGATSINGANINA AMIN'IZAY ARY IREO TORAKA.


FAHAGAGANA RE IZANY, RANDRIAMANITRO Ô !
RAISO IO ISA MIRA 11673722025 IO. RAHA ZARAINAO AMIN'NY ISA TSY AZO TSINJARAINA FOANA IO, MANDRAPAHALANINY, DIA MAHAZO ISA VOASINGANA MIRA VOKA-PAMPITOMBOAN'NY ISA MANANA HERIVILY TSIMIVAKY TSY AZO TSINJARAINA IANAO. ETO DIA $3^4 5^2 7^8$ IZANY. **TOKANA** IHANY IO FANINGATSINGANANA IO.
RAHA RAISINA NY TORAKY NY ISA TSY AZI TSINJARAINA VOALO-HANY AO AMIN'ILAY FANESISESENA : $3^4$ ARY RAHA RAISINA HO TOY NY TORADROA IO SANGA IO DIA MAHITA NY LAHARAN'NY LITERA VOALOHANY AO AMIN'ILAY TENY ISIKA, IZANY HOE 2, MIFANDRAIKA AMIN'NY LITERA b
1167322025
$3^4$ $5^2$ $7^8$
$2^2$ $2^1$ $2^3$
b a c
NOHO IO FOMBA FANORA-MIAFINA IO DIA MISOLOTENA NY TENY HOE bac NY ISA 1167322025 ARY DIA IO TENY IO IHANY NO TONDROINY
T S Y M I Z A R A T
REHEFA ATAO SORAMIAFINA ILAY "BANGA" EO ANELANELAN'NY TENY, NA MARI-PIATOANA, DIA AZO AMPIFANDRAI-SINA AMIN'NY ISA IRAY NY FIFAMPITO-HIZAN-TENY MAROMARO, NA FEHEZANTENY IRAY


NY FEHEZANTENY AO AMIN'NY FITENY IRAY DIA AZO ASEHO AMIN'NY TSIMIVAKY LAVA DIA LAVA
FITENY
ISA TSY VAKY
NY FEHEZANTENY TSIRAIRAY AVY DIA MIFANDRAY AMIN'NY ISA TOKANA AMIN'NY ALALAN'NY KOFEHY IRAY
NY SASANY DIA **HEVITRAFOTOTRA**
LOKO NY MANGA
TSY MIZARA TELO NY 17
TSY MIZARA DIMY NY 17
RAHA TOA KA TSY MIZARA P NA Q NY ISA IRAY DIA TSY MIZARA PQ IZY IZANY
TSY MIZARA 15 NY 17
FA NY TENA TADIAVIN'NY FITENY IRAY DIA NY HAHAFAHANY MAMPIASA IRENY FEHEZANTENY IRENY HIFANDRAY SY HANARAKA FISESISESY **VOAVINAVINA ARA-PEHI-DRAFIKEVITRA**, AHITANA FANOLORANA, RAFI-PISAINANA LOJIKA ARY TENY FAMARANANA
FA AHONA NO HANO-RATA-MIAFINA AN'IREO FISESISESY IREO ?


NY TSIRAIRAY AMIN'NY AMPAHAN'IREO FISESISESY IREO , IZAY ANTSOINA IHANY KOA HOE **ANKINA**, DIA AZO AMPIFANDRAISINA AMIN'NY ISA TSY VAKY TOKANA. ARY AFAKA MITADY HEVITRA ISIKA MBA HAHATONGA NY FANDIKANA NY SORAMIAFIN'IO ISA IO HANOME INDRAY IREO FEHEZANTENY MAHAFORONA ILAY ANKINA NA FOTOKEVITRA. NDEHA ARY HOKAJIANTSIKA NY ISA TSY VAKY MIFANDRAIKA AMIN'IREO FEHEZANTENY IREO
TSY MIZARA TELO NY 17
n1
TSY MIZARA DIMY NY 17
n2
RAHA TOA KA TSY MIZARA P NA Q NY ISA IRAY DIA TSY MIZARA PQ IZY IZANY
n3
TSY MIZARA 15 NY 17
n4
MBOLA MIFOTOTRA AMIN'NY ISA TSY AZO TSINJARAINA IHANY ISIKA KA NDEHA HANORATRA NY ISA $n=3^{n1}5^{n2}7^{n3}11^{n4}$
RAHA ATAO AVY ATY AORIANA INDRAY ILAY ASAMARIKA, RAHA SINGATSINGANINA NY ISA n HANOME VOKAPAMPITOMBOANA ISA MANANA HERIVILY TSY AZO TSINJARAINA, DIA HO TAFAVERINA AMIN'NY TORAKA $n_1$, $n_2$, $n_3$ ARY $n_4$ ISIKA
RAHA TORADROA IREO SANGA IREO DIA MIDIKA IZANY FA HANORAMIAFINA AN'IREO LITERA AO AMIN'NY ABIDI-NTSIKA IZY IREO, IZANY HOE HATRAMIN'NY FEHEZANTENY TSOTRA VOASORA-MIAFINA


RAHA TOA KA TSY TORADROA IREO SANGA n1, n2, n3, n4 DIA FEHEZANTENY AMPAHAN'NY FISESISESY VOAVI-NAVINA ARA-PEHI-DRAFIKEVITRA IZY IZANY, FISESISESIN'ANKINA. RAHA TOHIZINA FANINDROANY IO FANA-SINGANANA IO DIA HO TAFAVERINA INDRAY IREO FEHEZANTENY IREO.
NOHO IZANY DIA AZO APETRAKA AO AMIN'NY **FITENY-ZAVATRA** IRAY DAHOLO NY ZAVA-DREHETRA KA IO DIA ISA TSY VAKY DAHOLO NO MANDRAFITRA AZY. NY ZAVA-DREHETRA, NY HEVITRAFOTOTRA, NY FITSIPIKA, NY RAFI-PISAINANA ARY NY TOLO-KEVITRA
AZO AMPIFANDRAISINA AMIN'NY **RAFITRY NY ISA** DAHOLO NY ZAVA-DREHETRA
IZANY HOE AMIN'NY **RAFITRISA**... TENA MANADALA !
MISY ZAVATRA TSY DIA AZOKO TSARA. RAHA MAMPIASA TSIMIVAKY ISIKA HANORATA-MIAFINA AN'IREO FAMANTARANA REHETRA IREO, IREO TAREHIN-TSORATRA IREO, IREO FHEZANTENY, IREO ANKINA, DIA AIZA SISA NO HAMETRAHANA NY TENA ISA TSYVAKY ? MIFANOHITRA AMIN'IZAY INDRAY, AHOANA NO AMETRAHANA NY TSIMIVAKY, NY HEVITRAFOTOTRA ARY NY ANKIN-DRAFITRISA MIFANARAKA AMIN'IZANY AO ANATIN'NY VONDRONA IRAY IHANY. MOA VE TSY EFA LASAN'NY ISA DAHOLO NY TOERANA AZO NALAINA ?
TANDREMO ! SORATA-MIAFINA KOA ANIE NY ISA E ! AMIN'NY ALALAN'IREO FITAOVAN'NY ISA TSY AZO TSINJARAINA. RAHA AO AMIN'NY RAFITRISA IZAO DIA AZO ATAO TSARA NY MANORA-MIAFINA NY TAREHINTSORATRA AMIN'NY TORADROA
$\forall \Leftrightarrow 2^1 = 2$
$\exists \Leftrightarrow 2^2 = 4$
FAMANTARAM-PIKAJY
$1 \Leftrightarrow 2^5 = 32$
$2 \Leftrightarrow 2^6 = 64$
ISA
sns...


IO FANDIKAN-TSORAMIAFINA **TSY MANAM-PETRA** IO NO AHAFAHANA MAMETRAKA AO AMIN'NY VONDRON'NY TSIMIVAY (TSY MANAM-PETRA) NY ISA TSY VAKY SY NY FITSIPI-DRAFITRISA MAMPIFANDRAY AZY
ARY RAHA MBOLA AO AMIN'NY **TSY MANAM-PETRA** DIA MALALAKA FOANA NY TOERANA
MBA HO **MARI-POTOTRA** TSARA NY FITENY IRAY, MBA HAHAORINA **RIJANKEVITRA FENO** IZY, DIA TOKONY HANOME **HEVITRAFOTOTRA** RAISINA HO **SORATRA FOTOTRY NY FITENY**, NA **FITSIPIKA** (RARITENY), NA SINGAN-D**RAFIBAOVAO**, NA **TOLO-KEVITRA** NAPOITRAN'NY **VINAVINA ARA-PEHIDRAFIKEVITRA** IREO ZAVATRA LAZAIN'NY FITENY
ARY DIA IRINA HO TOY IZANY DAHOLO **NY FITENY REHETRA**, NA NY **FITENY MATEMATIKA** AZA
FA MISY KOSA **TOLO-KEVITRA** NA FEHEZANTENY **TSY AFAKA ANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA**, IZAY **SADY TSY AZO POROFOINA NO TSY AZO LAVINA**
IZAY SADY TSY HEVITRAFOTOTRA NO TSY FITSIPIKA, NEFA TSY AZO AMPIDIRINA AMIN'NY FISESISESIM-BINAVINA ARA-PEHIDRAFIKEVITRA


NATORON'I GÖDEL TAMIN'ILAY RESAKA RAFITRISA FA RAHA MIHEVITRA NY HO TAFAVOAKA AMIN'NY FANDRAISANA AN'ILAY TOLO-KEVITRA TSY AZO ANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA 0=1 HO HEVITRAFOTOTRA ISIKA DIA TONGA DIA HITERAKA TOLO-KEVITRA TSY AZO TSY AZO ANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA AVY HATRANY IZANY, DIA TOY IZANY FOANA, TSY AN-KIJANONA
TENA TSY METY HAHAZO GORODOM-PIOZLA FISAKA TSARA MIHITSY ISIKA. RAHA TEREKO ANEFA IZY IO DIA MISY MIPITSOKA KELY FOANA ANY HO ANY
KLOP !
KOA SATRIA AZO AMPIFANDRAISINA AMIN'NY FITENY ARAK'ISA TANTERAKA NY FITENY REHETRA, DIA SAMY HANANA AN'ILAY KILEMA FOTOTRA DAHOLO IZY ROA IREO
TAFIDITRA AO ANATIN'IZAY NY MATEM'...
RAHA TSORINA DIA HOE TSY MISY ZAVATRA TONGA LAFATRA
NY FITENY REHETRA DIA TSY MAINTSY HANANA FEHEZANTENY IRAY FARAFAHA-KELINY TSY AZO ANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA


HONO HO'AHO RANAMANA, TOA OHATRA NY NOFY RATSY IZANY REHETRA IZANY. TSY MAINTSY MBA MISY VAHAOLANA KOSA E. MOA VE IREO ISA TSY AZO TSINJARAINA IREO KA TSY MIANKINA... A... AMIN'NY **FOTOTRA**, AMIN'NY RAFI-PANISANA AMPIASAINA ?
INDRISY MANTSY FA TSY MARINA IZANY. AZO ATAO MIHITSY AZA NY MANORA-MIAFINA NY ZAVA-DREHETRA HO ISA **ROA FOTOTRA**, IZANY HOE MANARAKA FISESISESY MISY 0 SY 1 FOTSINY
MAHATA-HOTRA !
FITENY
NOHO IZANY DIA TSY FITENY IRAY AMIN'NY MARO NY ISA TSY VAKY. **IZY IREO NO FITENY**. NY AMBINY REHETRA DIA **FAMAKIANA** AZY FOTSINY
FA 'NGAH MOA MISY ZAVATRA HAFA ANKOATRY NY ISA ETO AMIN'IZAO TONTOLO IZAO !?!
MIANKINA AMIN'NY **FITENY** NY **MARINA**, MIANKINA AMIN'NY FOMBA ANORATA-MIAFINA SY ANDIKANA SORA-MIAFINA


AVIA IANAO RAHA HIALAO KANETY AN-DATABATRA
MBA HAFA KOA IZANY KANETY AN-DATABATRA IZANY AN...
SIVANA LOJIKA
TOLO-KEVITRA
KANETY LOJIKA AN-DATABATRA
SORATRA FOTOTRA
MARINA
MARINA
REHEFA TAFIDITRA AO AMIN'IO FAINGOKA IO ILAY KANETY
MARINA
DIA VOAROAKA HO AZY TAO IZY


KLOP !
NANDAI-TRA TOKOA
NANAO "A" AHO DIA AVY EO "D"...
NDEHA HANAN-DRANA HANAO "C"
A
AO ANATY FAIN-GOKA ILAY KANETY
MARINA
DISO
KLOP !
OAY !?!
MISY ZAVATRA AZONAREO VE AMIN'IO ? MITSAMBIKIMBIKINA MIOVAOVA FAINGOKA ILAY KANETY ARYMIFANDIMBY MIREHITRA IREO TAKAMOA MARINA SY DISO
KLOP !
MARINA
DISO
TOLO-KEVITRA C
MAZAVA BE IZANY. TSY MISY LALANA LOJIKA MITONDRA AMIN'IO TOLO-KEVITRA C IO MIHITSY MANTSY KA SADY MARINA IO NO DISO



TSOTRA FOTSINY, HOVAINTSIKA NY FITODIK'IREO FAINGOKA
HA HA HA !
NDAO HAN-DRAMANA
LASA ILAY ANY AMIN'NY SISINY INDRAY NO MIKATSO !
OADRAY ! TENA TSY AZO FOANANA MIHITSY IO FANDRIKA LOJIKA IO. RAHA AHODIKO ILAY FAINGOKA DIA MIOVA TOERANA KELY FOTSINY NY OLANA !
!!?!
TARSKY


TENA GAIGY... TENA... GAIGY ILAY ANKIN'I GÖDEL...
AO TSARA VE NY MALA-LAKO E ?
FANTATRAO...
... EFA MIHOATRA NY IRAY ALINA TAONA N NITADIAVAN-DRAOLOMBELONA HANAO ZAVATRA TONGA LAFATRA.
DIA NIFARANA TEO AMIN'IO FIAIKENA MAMPALAHELO IO NY ADIHEVITRA...
RESY...
HITANAO, IZAHAY FIZISIANA SY IANAREO MATEMATISIANA DIA NIARA-NILENTIKA TAMIN'NY SAMBO IRAY IZAO
INONA NO TIANAO HOLAZAINA ?
TSY MAMPAHATSIAHY ANAO ZAVATRA IRAY VE NY **AINGAM-PISALA-SALANA** ?
HOY I RUSSEL HOE TSY AZO AMPIARA-HINA NY **HALOZANA** SY NY **FAHAZAVA**
RAHA VOARAFITRA TAHAKA NY FITENY IZAO TONTOLO IZAO DIA MAZAVA BE FA TSY MAINTSY MBA SAMY MANANA NY ANJARA-SORISORINY AVY NY OLON-DREHETRA, SA?




NY HADISOANTSIKA DIA NY FIKIRIZANTSIKA HANDINIKA NY ERITRERITRA AMIN' NY ALALAN'NY FITENY
FA, INONA NO TOKONY HATAO ?
NY DINIKA MIHOATRA NY TSAPA SY HITA (Méditation Transcendantale) DIA AHAFAHANA MIHOATRA IRENY SAKANTSAKANA IRENY
MIPETRAKA AO AMIN'NY ATIDOHA ANKAVIA NY ERITRERITRA VOADIKA HO TENY. RAHA AJANONA TANTERAKA IO HETSI-TSAINA AZO FEHEZINA IO DIA MIOVA TOMPO INDRAY NY OKSIZENA SAIKA TAO AMIN'NY ATIDOHA HAVIA TAO. DIA MANKANY AMIN'NY ATIDOHA HAVANANA ARY IZY ARY MIOVA FIASA ILAY HAVANANA, MAHATONGA NY OLONA HAHATAKATRA NY FAHALALANA FOTOTRA TENA ILAINA
TSY RATSY KOSA KOH, DIA INONA NY VOKANY ?
INDRISY MANTSY, **TSY HAY LAZAINA** IZANY
FA... DIA TAPITRA HATREO VE !...
AVIA E, NDAO HODY ISIKA
OAININA ...


HAINGANA, MIAROVA TENA IANAREO !
MAMELY NY SERANAMPIARAMANIDINA IREO MPANAO FANGINA
TSY MAINTSY MANAO TATITRA IZAHAY. ANY AMIN'NY IVONTOERANA MOMBA NY MILINTSIKERAFITENY HAINGANA !
ANY AMIN'IZAY SISA TAVELA TAMIN'NY IVONTOERANA MOA IZANY E...
IVOTOERAMPIRENENA MOMBA NY MILINTSIKERAFITENY
HAINGANA !




(*) IZAY AHAFAHANA MAMPIFANDRAY FOTOTENY MAROBE TSY HITA ISA




# VITA

un grand merci à mon collègue et ami MIHN pour son apport irremplaçable en perlimpinpin, ingrédient-clef des albums LANTURLU

# NY LALAON'NY MILINTENY

MAKÀ BAORITRA ROA SAMY HAFA LOKO. TAPATAPAHO HO MAHITSIZORO MAROMARO 5sm X 2sm IZY ROA IREO. EO AMIN'NY MAHITSIZORO MANGA, OHATRA, DIA ANORATY "FIANDOHAN-TENY" AO AMBADIKA, TAHAKA NY HOE "**CHRONO**" ARY AO AMBADIKA NY DIKA MIFANARAKA AMINY : "**FOTOANA**". EO AMIN'NY MAHITSIZORO HAFA LOKO AMIN'INY DIA ATAOVY TOY IZANY KOA HO AN'IREO "FIAFARAN-TENY". ATAOVY AO ANATIN'NY VATAKELY ROA SAMIHAFA IREO KARAZANA BAORITRA IREO.

➡ KARAZAN-DALAO VOALOHANY : ZARAINA FIANDOHAN-TENY DIMY SY FIAFARAN-TENY DIMY IREO MPILALAO. SAMY MANAMBATRA NY AZY SY MANOME NY DIKAN-TENY VAOVAO AZONY NY TSIRAIRAY AVY EO.




OHATRA : LOGO|TOME → FANORENANA FEHEZANTENY VOATOTO
CRYO|TOPE → VATA FAMPANGATSIAHANA
PANS|CAPHE → FIARA FITONDRA N'AIZA N'AIZA

ARAKARAKY NY FAHAIZANY HAIFAKANTENY NO AHAFAHAN'NY MPILALAO MAMAKY NA TSIA AN'IZAY VOASORATRA AO AMBADIK'ILAY BAORITRA

➡ KARAZAN-DALAO FAHAROA : TAHAKA NY AMIN'NY POKERA DIA MAHAZO MIFANAKALO BAORITRA IREO MPILALAO.
NY TENY EFA MISY AO AMIN'NY RAKIBOLANA DIA MAHAZO ISA ROA SOSONA. TOY IZANY KOA RAHA ZAVATRA TENA MISY NO TONDROINY. OHATRA :

BIBLIO|STAT → FAMOTSERAM-BOKY

NY FAMARITANA MAMPIHOMEHY DIA OMENA ISA IRAY FANAMPINY

PANMANIE FAHATAHORANA NY ZAVA-DREHETRA
CHRYSORCHIDE : LEHILAHY MANANA TABORY VOLAMENA
STATODYNAMIQUE : FAHALALANA MOMBA NY FIVOARAN'IREO ZAVATRA TSY MIHETSIKA
PSEUDOGAME : TSY TENA MANAMBADY AKORY
PODOCLASTE : MPAMAKY TONGOTRA
PANLOGIE : FAHALALANA MOMBA NY ZAVA-DREHETRA
COSMOTOPE : TOERANA IPETRAHAN'IZAO TONTOLO IZAO
ELASTOZOAIRE : LELOSY
SCHIZOCRATE : MPANAPAKA AMIN'NY ZAVA-DREHETRA

# SORATRA FOTOTRA

<u>FIANDOHANA SY FIAFARAN-TENY</u>

CLEPTO → SIDINA
CHRONO→ FOTOANA
EPISTEMO→ SIANSA
LOGO→ FITENENANA
PAN→ REHETRA
PATHO→ ARETINA
HEMI → ANTSASANY
CRYPTO → MIAFINA
STATO → TSY MIHETSIKA
ELASTO → MIHENJANA
ORTHO → MAHITSY
PSEUDO → TSY TENA IZY
GASTRO → VAVONY
EROTICO → FITIA
ORCHIDO → TABORY
PARALLELO → MIRAZOTRA
SEMIO → DIKA, HEVITRA
ERGO → ASA
GERONTO → ANTITRA
COPRO → TAY
MYCO → OLATRA
IDEO → HEVITRA
MAGNETO → ANDRIAMBY
PHOTO → HAZAVANA
THEO → ANDRIAMANITRA
NECRO → FAHAFATESANA
MESO → IVO
PODO → TONGOTRA
PORNO → VETAVETA
PROTO → VOALOHANY
SCATO → TAY
DOXO → FIHEVERANA
PLOUTO → HARENA
PHONO → FEO
INFLATO → FIVONTOSANA
PYRO → AFO
GEO → TANY
NUCLEO → OVANA
PARA → MIRAZOTRA
GRAPHO → MOMBA NY SORATRA
ODO → LALAN-KALEHA
PHALLO → FILAHIANA
RADIO → RADIO
RETRO → ANY AORIANA
PSYCHO → FANAHY
LITHO → VATO
MACRO → LEHIBE
CHRYSO → VOLAMENA
PHILO → FITIAVANA
MICRO → KELY
TECHNO → TEKNIKA
BIO → AINA
SPELEO → ZOHY
TOMO → MANAPAKA
TOPO → TOERANA
ACHEO → TALOHA
VIDEO → MAHITA
AERO → RIVOTRA
HOMO → MITOVY
PRO → MANOHANA
ALGO → FIJALIANA
CO → MIARAKA AMIN'NY
EXTRA → IVELAN'NY
CEPHALO → LOHA
CRYO → HATSIAKA
TERATO → AJIMA (MONSTRE)
PAPYRO → TARATASY
PHYTO → ZAVAMANIRY
PHRENO → ATIDOHA
LATERO → EO AM-PITA
MORPHO → ENDRIKA
GNOSEO → FAHALALANA
SONON → FEO
TELE → LAVITRA
ULTRA → MIHOATRA NY
BRADY → MIADANA, TSY MAIKA
CHIMIO → SIMIA
GALACTO → RONONO
GYRO →FIHODINANA
SIDERO → LANITRA
CHROMO → LOKO
ALLO → HAFA
ANTHROPO → OLONA
ADENO → TAOVA FIHARY (GLANDE)
ANISO → HAFA
AGRO → SAHA
ARTHRO → FAMAVANY
ASTRO → LANITRA
ISO → MITOVY
STEREO → MIVAINGANA
ENDO → ANATIN'NY
GENO → FIRAZANANA
LOXO → MISOMPIRANA
PERI → MANODIDINA NY
PLURI → MARO
STYLO → TAHO
XYLO → HAZO
AUTO → MANDEHA HO AZY
BACTERIO → BAKITERIA
BIBLIO → BOKY
BRONCHO → SAMPANTRAOKA
BUTYRO → DOBERA
CACO → RATSY
CERCO → RAMBO
CHROMATO → LOKO
APO → AMBONY
CARDIO → FO
EPI → MANODIDINA NY
GLOSSO → FITENY
HIPPO → SOAVALY
MELANO → MAINTY
NOMO →LALÀNA
PETRO → VATO
EMBRYO → TSAIKA (EMBRYON)
CINEMATO → SARIMIHETSIKA
CRIO → AVY AMIN'NY HATSIAKA
DERMO → HODITRA
HELIO → MASOANDRO
HEMATO → RÀ
HETERO → HAFA
HOMEO → MITOVY
HYDRO → RANO
METEO → LANITRA
METRO → REFY
XENO → VAHINY
NEO → VAOVAO
NEURO → HOZAKETSIKA
PALEO → NTAOLO
SCHIZO → MITRIATRA
PHYSIO → AN'NY VATANA
THERMO → HAFANANA
ZOO → BIBY
TACHY → HAFAINGANANA

# MILINTENY

## ( FANDAHARANA )



```
1 REM LOGOTRON DATA+SENS
10 DIM D$(100),P$(100),F$(100),Q$(100),M$(100),S$(100):I=-1
20 I=I+1
30 READ D$(I),P$(I)
40 IF D$(I)="*" THEN 60
50 GOTO 20
60 D=I-1
70 J=-1
80 J=J+1
90 READ F$(J),Q$(J)
100 IF F$(J)="*" THEN 120
110 GOTO 80
120 F=J-1
130 REM CREATION ALEATOIRE DES INDICES I ET J
140 I=INT(RND*D)+1: J=INT(RND*F)+1
150 M$=D$(I)+F$(J):REM NEOLOGISME
160 S$=Q$(J)+"-"+P$(I)
170 PRINT M$:PRINT S$:PRINT
180 FOR T=0 TO 1000:NEXT T
190 GOTO 140
200 DATA CLEPTO,VOL,CHRONO,TEMPS,EPISTEMO,SCIENCE,LOGO,DISCOURS,PAN,TOUT,PATHO,M
ALADIE,HEMI,A MOITIE,CRYPTO,CACHE
210 DATA EROTICO,EROTISME,GMOSEO,CONNAISSANCE,ORCHIDO,COUILLE,PARALLELO,PARALLEL
E,SEMIO,SENS,ERGO,TRAVAIL,GERONTO,VIEILLARD,COPRO,EX
CREMENT,MYCO,CHAMPIGNON
220 DATA NECRO,MORT,MESO,MILIEU,PODO,PIED,PORNO,PORNO,PROTO,PREMIER,SCATO,EXCREM
ENT,DOXO,OPINION,PLOUTO,RICHESSE,PHONO,SON,INFLATO,G
ONFLEMENT,PYRO,FEU
230 DATA RETRO,EN ARRIERE,PSYCHO,AME,LITHO,PIERRE,MACRO,GRAND,CHRYSO,OR,PHILO,AM
OUR,MICRO,PETIT,TECHNO,TECHNIQUE,BIO,VIE,SPELEO,CAVE
RNE,TOMO,COUPER,TOPO,LIEU,ARCHEO,ANCIEN,VIDEO,VOIR
240 DATA CEPHALO,TETE,CRYO,FROID,TERATO,MONSTRE,PAPYRO,PAPIER,PHYTO,VEGETAL,PHRE
NO,CERVEAU,LATERO,D'A COTE,MORPHO,DE LA FORME
250 DATA SIDERO,CIEL,CHROMO,COULEUR,ALLO,AUTRE,ANTHROPO,HOMME,ADENO,GLANDE,ANISO
,AUTRE,AGRO,CHAMP,ARTHRO,ARTICULATION,ASTRO,CIEL
260 DATA AUTO,DE SOI-MEME,BACTERIO,BACTERIE,BIBLIO,LIVRE,BRONCHO,BRONCHE,BUTYRO,
BEURRE,CACO,MAUVAIS,CERCO,QUEUE,CHROMATO,COULEUR
270 DATA EMBRYO,EMBRYON,CINEMATO,CINEMA,CRIO,DU FROID,DERMO,DE LA PEAU,HELIO,DU
SOLEIL,HEMATO,DU SANG,HETERO,AUTRE,HOMEO,SEMBLABLE,H
YDRO,EAU,METEO,DU CIEL,METRO,MESURE
280 DATA NEO,NOUVEAU,MEURO,DES NERFS,PALEO,ANCIEN,SCHIZO,FENDRE,PHYSIO,DU CORPS,
THERMO,CHALEUR,ZOO,ANIMAL,*,*
300 DATE GAME,MARIAGE,SE,AFFECTION,EDRE,EDIFICE,DYNE,ENERGIE,CERQUE,QUEUE,DROME,
ROUTE,PHOBE,QUI DETESTE,PATHE, MALADE DE
310 DATA SCAPHE,VEHICULE;TOPE,LIEU,TRON,MACHIN,N,PARTICULE,ME,TUMEUR,METRE,MESUR
E,NAUTE,QUI NAVIGUE,DRAME,THEATRE,IDE,PRESQUE,COSME,
UNIVERS DE,SOME,CORPS
320 DATA SPHERE,SPHERE DE,STASE,ARRET DE,TAPHE,TOMBEAU,TROPE,TENDANCE,MANE,MANIA
QUE DE,GRADE,MARCHER,GRAMME,MESSAGE,GENE,GENERATEUR,
ELASTIQUE,ELASTIQUE
330 DATA CINESE,MOUVEMENT,CRATE,POUVOIR,DYNAMIQUE,DYNQMIAUE,CYTE,CELLULE,PHRENE,
CERVEAU,CEPHALE,TETE,THERAPEUTE,MEDECIN,PHILOSOPHE,P
HILOSOPHE,PITHEQUE,SINGE,DIDACTE,ENSEIGNANT,PTERE,AILE,SEXUEL,SEXE
340 DATA MANCIE,PREDIRE,DYNAMIQUE,DYNAMIQUE,TROPISME,TENDANCE VERS,SAURE,ANCETRE
 DE,STAT,QUI MAINTIENT,PLANE,AVION A,TROPE,QUI RECHE
RCHE,ZOAIRE,ANIMAL,RRAGIE,ECOULEMENT DE,LITHE,PIERRE,CLASTE,CASSEUR DE,MACHIE,CO
MBAT,DYNE,MACHINE A
350 DATA DENDRON,ARBRE A,LOGIE,DISCOURS SUR,LOGUE, SPECIALISTE DE
360 DATA LYSE,DECOMPOSITION,SE,AFFECTION DE,ALGIE,DOULEUR,PHYSICIEN,PHYSICIEN DE
,PHORE. QUI PORTE,CHRONE,TEMPS,CHRONIQUE,REPETITION
DE,DACTYLE,DOIGT,DOXE,OPINION
370 DATA CENTRISME,ETRE CENTRE SUR,GONE,ANGLE,DUC,CONDUIT DE,LATRE,QUI ADORE,MNE
SIE,MEMOIRE,MORPHE,DE LA FORME,PHAGE,QUI MANGE,VORE,
QUI DEVORE,PATHE,MALADE DE,PATHIE,MALADIE DE,PHOBE,QUI DETESTE,PHOBIE,HORREUR DE
380 DATA PHILE,QUI AIME,PHILIE,AMOUR DE,PHONE,SON,PHOMIE,SON,POLE,VILLE,THERME,C
HALEUR,*,*
```



Copyrigth Jean-Pierre Petit

| MALAGASY | FRANÇAIS |
|---|---|
| AINGA | PRINCIPE |
| AINGAM-PISALASALANA | PRINCIPE D'INCERTITUDE |
| ANJAKA MIDITY | RUBAN ADHESIF |
| ANJANANDRIANARATRA | ELECTROMAGNETIQUE |
| ANKINA | THEOREME |
| BAKA | ANTENNE |
| ERAM-POTOANA | ESPACE-TEMPS |
| ERANA | ESPACE |
| FAHAZAVA | PRECISION |
| FAMPIMIRANA | EQUATION |
| FANATANTAVANANA | PASSOIRE |
| FANGINA | MUTISME |
| FANINGOTSINGORANA | IMPLICATION |
| FEO MIVAINGANA | SON STEREO |
| FIIBÀNA | NEGATION (SIGNE MOINS) |
| FITENY MAMPIFANAKAIKY | LANGUE AGGLUTINANTE |
| FOTO-KEVITRA | THEOREME |
| HAIISA (ATO IHANY NO AMPIASAINA) | NUMEROLOGIE |
| HALOZANA | RIGUEUR |
| HERIVILY | PUISSANCE |
| HERIVILY | PUISSANCE |
| HEVITRAFOTOTRA | AXIOME |
| HITSY | DROITE |
| ISA TSY AZO TSINJARAINA | NOMBRES PREMIERS |
| KAJIMIRINDRA | INFORMATIQUE |
| KANETY AN-DATABATRA | FLIPPER |
| KANTSAM-PARIBOLANA | ARC DE CERCLE |
| LEMAKA | PLAN |
| MPAHAIHEVITENY | SEMANTICIEN |
| MPAHAIRAFIKEVITRA | LOGICIEN |
| MPAHAIRAKIBOLANA | GLOSSEMATICIEN |
| MPAHAITSIKERAFITENY | LINGUISTE |
| MPAMERIN-TOSIKA | REACTEUR |
| MPITAKARINA | PARASITE |
| RAFIKEVITRAFOTOTRA | AXIOMATIQUE |
| RAFI-PISAINANA | RAISONNEMENT |
| RAFITR'ENDRIKA (HAITSIKERAFITENY) | FORMALISME |
| RAFITRISA | ARITHMETIQUE |
| RARIN-TSAINA | STRESS |
| RARITENY | SYNTAXE |
| RIJANKEVITRA | THEORIE |
| SANGA | EXPOSANT |
| SORATRA FOTOTRA | DONNEE |
| TAKAMOA | AMPOULE |

| | |
|---|---|
| TAMOANA | NUL |
| TAREHINTSORATRA | CARACTERE |
| TOKANTSAHALA | BIUNIVOQUE |
| TORAKA | EXPOSANT |
| TSIMIVAKY | ENTIER (MATHEMATIQUES) |
| TSY VAKY (ISA) | NOMBRE ENTIER |
| VASAVASA | LOGORRHEE |
| VATOMANIRY | CRISTAUX LIQUIDES |
| VONDROM-PITINJAKA | MOLECULE |
| VONDRONA | ENSEMBLE |

Iaraha-mahalala fa tsy ny Malagasy rehetra akory no manana raki-bolana ahafahany mijery izay teny tsy fantany. Iaraha-mahalala koa fa amin’ny teny frantsay ny fampianarana any amin’ny ambaratonga rehetra. Teo am-pandikàna ity boky ity ho amin’ny teny malagasy ary dia niharihary fa tsy ho takatry ny mpamaky rehetra ny voambolana hampiasaina ato. Ka rehefa nandinika izahay dia nanapa-kevitra fa hasiana fanazavana ireo teny sarotra rehetra miaraka amin’ity boky ity mba ho tratra ny tanjon’ny SSF amin’izao asa fampielezana ataony izao.

Nous savons tous que seule une minorité malgache peut s’offrir le luxe de posséder un dictionnaire. Nous savons aussi que l’enseignement, à Madagascar, se fait en français. En toute connaissance de cause, et au cours de notre travail de traduction, nous en avons conclu que seule cette minorité pourrait comprendre les mots scientifiques utilisés dans cet album. Après réflexion, donc, nous avons décidé d’inclure ce lexique afin que le but de SSF soit atteint à travers cette vulgarisation.

Tantely RANDRIAMITANTSOA